





# Ny fanomezana sakafo ny omby vavy be ronono

Ny fanomezana sakafo ny ombivavy be ronono no miantoka voalohany ny fahombiazan'ny famokarana ronono



Ny rano sy ny vilona ary ny fanampi-tsakafo takian'ny ombivavy be ronono, dia tokony homen'ny mpiompy azy ireo araka ny tokony ho izy



**Ny fanomezana sakafo no ahafana mifehy ny fahafahan'ny omby mamokatra araka ny karazany**

Ny sakafo no mameno ny 55-70 isan-jaton'ny masonkarenan'ny famokarana ronono

Ny paik'ady ifehezana ny fanomezana sakafo ny ombivavy be ronono:



- 1- Omena vilona tsara araka izay laniny ny omby
- 2- Omena fanampi-tsakafo araka ny tokony ho izy, hahafahany manatratra ny tanjona amin'ny famokarana ronono
- 3- Tsy tapahina rano madio ny tavin-drano fisotroana

Amin'ny ankapobeny dia misakafo im-polo eo ho eo isan'andro ny omby iray ary maharitra antsasakadiny eo isaky ny misakafo izy amin'izany



# Ny famarana sakafo omena ny omby

Ny famarana ny sakafo dia entina indrindra hamenoana ny filàn'ny ombivavy be ronono, amin'ny alàlan'ny fanomezana sakafo ampy sy voalanjalanja, ary mora indrindra hatrany.


Izany filàna izany dia miova araka ny taona sy toe-batan'ny omby, ny lanjany, ny toe-tany, ny fomba fiompiana azy, ary indrindra ny vokatra omeny. Misy karazany maromaro ny filàna:

- o **filàna fototra**, ahafahany mivezivezy, miatrika ny hatsiaka na ny hafanana be loatra, indrindra amin'ny fahazahoana hery
- o **filàna amin'ny fitomboana** (tokony hozarina amin'ny fihinanam-bilona ny ombivavy be ronono dieny tanora)
- o **filàna amin'ny fitondrana vohoka**, indrindra mandritry ny telo volana alohan'ny ahaterahany.
- o **filàna amin'ny famokarana ronono**, izay mitaky hery, proteina, vitamina, sira mineraly ary rano
- o **filàna amin'ny famerenana ny vatany**, manomboka ny telo volana ao aorian'ny ahaterahany ka hatramin'ny fampitsaharana ny fiterena azy.

## Misy fotoana saro-pady roa amin'ny ombivavy be ronono

**(1) Amin'ny fiatombohan'ny famokarana ronono**, izany hoe raha vao teraka izy.

Miakatra be ny filàn'ny reniomy nefa tsy dia mbola mazoto homana loatra izy. Noho izany dia mazàna tsy feno ny filàna hery amin'io fotoana io.



**(2) Fitsaharan'ny fiterena ronono**, izay atomboka roa volana alohan'ny hiterahany indray. Zava-dehibe ny fampitsaharana ny fiterena hiatrehany ny fiatombohan'ny famokarana ronono manaraka, indrindra hisorohana ny fikorontanan'ny toe-batany amin'ny fiterahany (vêlage). Mila ampy sy feno ny omby amin'io fotoana io nefa tandremana mba tsy hihoatra be loatra ny sakafo omena azy.

Mba ahafahana mahazo sakafo voalanjalanja ho an'ny ombivavy be ronono dia tokony ho fantatra tsara :



- (1) Ny filàny sy ny lanjan'ny sakafo zakan'ny vavoniny
- (2) Ny karazan-tsakafo tiana homena azy sy ny otrik'aina entiny .

(3) Fetran'ny sakafo laniny (kg sakafo laniny/jour)

Mampiasa ireo hery, proteina, sira mineraly ary vitamina ao amin'ny sakafo omena azy ny omby mba hahafahany mamokatra ronono araka ny tokony ho izy.